


NY NISEHOAN'NY TOMPO na EPIFANIA



“ Izaotontoloizao no irin'Andriamanitra ho Eglizy fianakaviany ”

Ry Kristianina havana, mbola ao anatin'ny fankalazana ny Noely isika, Andriamanitra eo anivontsika, Andriamanitra miseho amintsika. Amin'izao Epifania fankalazana ny nisehoan'ny Tompo izao dia mbola anatin'ny Noely. Tsy afenina fa somary mikorontana ny kalendrie ka anio alahady ny Epifania ary rahampitso no mankalaza ny Batemin'ny Tompo isika.

Vakiteny I : Iz. 60, 1-6

Tononkira : Salamo 71

Vakiteny II : Efezianina 3, 2-3a. 5-6

Evanjely : Mt. 2, 1-12

Niseho tamin'ny vahoakany izy Tompo dia ilay vahoaka feno fahamarinana, fanetren-tena sy fahatsoram-po dia i Maria sy Josefa izay fianakaviana voafidy hiainany ny maha-olombelona azy ary ireo mpiandry ondry nanambaran'ny anjely fa misy zaza teraka ao Betlehema, ny anarany atao hoe Emanoela.

Fa ireo mpiavonavona kosa dia tsy afaka nandray azy, hitantsika ireo mpandray vahiny nilaza fa tsy nisy toerana ho azy ireo tao an-trano, tahaka an'i Heroda izay namono ny zaza tsy manantsiny. Toetrantsika olombelona izany, vokatry ny avonavona dia mifody ny fontsika ka tsy afaka mandray izay tena fahasambarana. Io fontsika migadra io no manimba ny fifandraisana hatramin'ny fifandraisana amin'ny zava-boary. Izany no mahatonga antsika amin'izao dingana faharoa amin'ny Sinaody izao mandalina manokana izany fifandraisana izany : FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARO NY TONTOLO IAINANA.

Amin'izao fankalazana ny Epifania izany hoe I Jesoa eo anivontsika izao dia mampibaribary fa tsy ny vahoakan'Andriamanitra fotsiny no tadiaviny sy irin'Andriamanitra ho fianakaviany sy ho olona velona ho olo araiky aminy fa izao tontolo izao. Izany no ambaran'Izaia mpaminany ao amin'ny vakiteny voalohany : *“Mitsangàna, ka mamirapirata, ry Jerosalema, fa miposaka ny fahazavanao; ary miposaka eo aminao ny fahazavan'ny Tompo. Indro ny haizina fa manarona ny tany, ary ny haizim-pito manarona ny firenena; fa ny Tompo kosa no miposaka eo aminao; ary ny voninahiny miseho eo aminao. Mandroso eo amin'ny fahazavanao ny firenena ary ho eo amin'ny famirapiratan'ny fiposahanao ny mpanjaka. “Jerosalema tanàna masina, tanànam-piadanana, Jerosalema vaovao izay hitondra fiadanana vaovao ho antsika ka enga anie ny fankalazantsika ny Epifania izao hanampy antsika hiombona bebe kokoa amin'Andriamanitra sy ao amin'i Jesoa. Izany no ambaran'ireo Majy izay avy any atsinanana namakivaky ny firenena maro ho any Betlehema hitsaoka ny zanak'Andriamanitra. Sambatra isika fa mahatsapa fa anisan'ireo mandray an'I Jesoa.*

Ny fampianarana azontsika tsoahina dia tsy ampy raha ny ezaka ataontsika fotsiny, ilaina ny ezaka, mila angovo sy fahaizana ny fandalinam-pinoana fa ny tena ilaina dia ny fitsilovan'ny Fanahy Masina, izay no ambaran'ilay kintana manoro làlana ireo majy. Mila ny fitsilovan'ny Fanahy masina isika, matetika isika mihevitra fa araky ny famakiana ny tenin'Andriamanitra sy ny ezaka ataontsika dia efa ampy amin'ny firaisam-po amin'Andriamanitra. Ilaina ireny ary mampirisika ny fianakaviana rehetra mba hanana Baiboly isan-tokantrano sy hamaky ny tenin'Andriamanitra miaraka fa raha tena te hahita ny lalan-kombàna isika dia ekeo ny fitsilovan'ny Fanahy Masina. Izany no mahatonga antsika mametraka ny fototra telo, tolagna manambara ny finoana velona : fahafoizana, fanompoana, vavaka.... Aoka hampiharintsika izany amin'izao fikatrohantsika ny tapany faharoa amin'ny Sinaody izao.

Nanaiky notarihin'ny kintana ireo majy ka tonga tao Jerosalema, nanontany an'i Heroda izy ireo : *“Aiza ilay Mpanjakan'ny Jody vao teraka? fa efa nahita ny kintany tany Atsinanana izahay, ka nankaty mba hitsaoka Azy”. “ Dia nalain'i Herôda mangingina ny Majy, ka nohadihadîny fatratra ny andro nisehoan'ny kintana taminy. Ary naniraka azy ho any Betlehema izy nanao hoe: “Andeha ka fotopotory tsara ny amin'ilay Zaza; ary rehefa hitanareo, dia ilazao aho mba hankanesako any koa hitsaoka Azy”. Aza matoky ny olona maro samihafai sika fa matokia ny fitsilovan'ny Fanahy Masina, ny fampianaran'ny Eglizy, izany no mahakatolika antsika. Atoron'ny Eglizy antsika ny lalan-kombàna. Heroda nametraka fanontaniana satria efa nisy jery hafa izy fa ireo majy kosa nitsilovan'ny Fanahy Masina rehefa tonga tao Betlehema ka tsy voafitak'i Heroda intsony. Tsy niverina ireo majy fa nanohy ny lalany nody. “Ary rehefa notoroan'Andriamanitra hevitra tamin'ny nofy izy ireo tsy hiverina any amin'i Herôda, dia lalan-kafa no nalehany nody ho any amin'ny fonenany.”*

Heroda azo lazaina fa manambara an'izao tontolo mpanjakazaka, mpamono olona, mihatsaravelatsihy, mamitaka, mahay miresaka, feno fanontaniana izy nefa tsy manambara fahavonona hibebaka ireny fa ny tena marina hanapotika satria noho ny fony feno fialonana

sy avonavona, fitiavan-tena dia ny handripaka no tadiaviny. Fampianarana ho antsika izany. Mbola manjaka izany amin'izao vanim-potoantsika izao. Maro ny mitady hanome lesona. Manampy trotraka ny tamban-jotra sôsialy mitady hanome lesona hanohitra ny finoana.

Ireo majy kosa nibebaka satria nahatsapa fa nahita ny tena lalana eo amin'ny fiainana ka tsy nanaraka ny torohevitr'i Heroda fa nanaraka ny kintana ka nahita ny zanak'Andriamanitra. Izany ihany koa ny irintsika amin'izao taona vaovao izao, amin'izao sinaody izao hahita ny kintana manoro antsika hiroso lalindalina kokoa ka afaka hatrika ny Sinaody.

Milaza I Matio ao amin'ny Evanjely fa faly dia faly ireo majy nahita ny kintana ka rehefa niditra tao an-tranon'omby izy ireo dia nahita an'i Maria sy Josefa ary I Jesoa zazakely ka niankohoka nitsaoka azy. Hafaliana tokoa rehefa mihaona amin'i Jesoa. Enga anie hahita hafaliana mandrakariva isika isaky ny mankalaza ny Eokaristia satria fihaonana amin'i Jesoa.

Ahoana ny hahafantarana fa mihaona amin'i Jesoa? Mahita ny asan'ny Fanahy Masina isika rehefa feno hafaliana sy haravoana. "Mifalia mandrakariva ao amin'ny Tompo" hoy I Md Paoly ao amin'ny taratasiny ho an'ny Filipianina. Hafaliana sy fiadanana no niainan'ireo majy raha nahita an'i Jesoa izy ireo ilay fampanantenaina amin'ny hiran'ny voninahitra ataontsika "voninahitra ho an'ny lanitra, voninahitra fiadanana eto an-tany e, handeha isika hitsaoka izany mpamonjy vao teraka, izy ilay nandrasana".

Nahafoy ny tena sarobidy tamin'izy ireo ny majy, ny volamena manambara ny mahampanjaka, ny emboka masina manambara ny mahaAndriamanitra ary ny mira manambara ny fahambonian'olona rehefa tonga ny fahafatesana. Manambara fahafoizana izany rehetra izany, nahita Andriamanitra izy ireo, henontsika izany tamin'ny tantaran'ny Zake, Abrahama, Paoly samy mahafoy, izay manambara ny fiombonana amin'Andriamanitra, manolotra izay sarobidy aminao amin'Andriamanitra izany ny fiainana mahaKristianina antsika. Mbola hitantsika eto indray ilay no lazaintsika manambara fa manana finoana velona : faly, mahafoy, manompo...

Enga anie amin'izao fivelomantsika ny Sinaody tapany faharoa mba samy vonona hahafoy, hanampo ary hivavaka ka hihavao ny fifandraisantsika amin'ny zava-boary ka vonona hiaro, hikorokoro. Raha tiantsika ho noely mandrakariva ny fiainantsika dia aoka isika ho feno hafaliana sy haravoana ary hahafoy. Raha mahafoy tokoa isika dia araky ny voalazan'ny vakiteny faharoa dia iray lova sy iray tena ao amin'i Kristy "*Ny Jentily dia tonga iray lova sy iray tena ary mpiombona ny fampanantenana amin'ny Jody ao amin'i Kristy Jesoa, noho ny ninoany ny Evanjely.*" Izany hoe zary Olo Araiky ao amin'i Kristy isika jiahy, Fianakaviamben-Janahary Fratelli Tutti. Enga anie isika hiroso lalindalina kokoa amin'ny fiainana mahaKristianina antsika ka ho tanteraka tokoa ny fehinkevitra tamin'ny sinaody tamin'ny voalohany ho FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARA-MIVAVAKA MIARA-MANDALINA NY FINOANA ho katolika tokoa mandalina ny finoana, katolika mivelona izay inoako, katolika mandray an-tànana izay inoako, katolika vavolombelona tsy menatra ny finoany mizara amin'ny hafa satria tabernakla velona, katolika

faly mankalaza ny finoana amin'ny alalan'ny litorjia mendrika, tsara sady manabe. Izany finoana velona izany no mitondra antsika ho generation mpanorina, manorina ny Tranobe lombonana mitady efa ho robaka.

Ry Jesoa Tompo ô, tsy olom-bitsy no antsoinao hanatona anao fa ny olon-drehetra eto ambany masoandro, solontenanay ireo majy, indreto izahay ka ampio mba hanaraka ny fampianaranao, hanatanteraka ny sitraponao, ianao no kintana mitarika anay amin'ny fiainanay, ampio izahay hahita anao mandrakariva ka hahatonga anay hahafoy ho an'ny hafa hikatsaka ny soa iombonana ka ho generation mpanorina tokoa izahay, ho Eglizy Olona velon'ny Batemy miombona miara-dalana, mandray an-tanana ka zary Tabernakla velona. Ry Maria Reny aza avelanao irery izahay amin'ny adim-piainana. Mbola maro ireo Heroda amin'izao izay mitady hanodina ny sainay tahaka ny niseho tamin'ireo Majy. Tantano ny dianay ho any amin'I Jesoa mandrakariva hiaro ny aina, hiaro ny tontolo iainana. Md Josefa, Ray Mpiaro ny Eglizy eran-tany ianao, aza mandao anay ampio izahay ho mpiaro ny Eglizy amin'ny fijoroana vavolombelona. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson